

KA HITOMBO NY FAHALALANA

Daniela 12 : 4

FAMPIDIRANA

Miaina ao amin'ny tontolon'ny fihazakazahana isika, ara – tsiansa, ara – teknolojia, ... Tsy mbola nisy mihitsy taranaka nananana fahalalana midadasika amin'ny fomba haingana noho izao taranaka izao. Ny mpandinika dia manambara fa ny fahalalana izay nokarohin'ny olona taloha hatreo amin'faha-70 taonan'izy ireo, dia voavefehin'ny ankizy 15 taona ao anatin'ny fotoana fohy amin'izao taranaka izao. Izany dia noho ny fisian'ireo haino aman-jery isan-karazany, ireo teknolojia moderna momba ny serasera sy fifandraisana, ny solosaina, ny telefonina (finday), ny aterineto (internet), ireo tranonkalam-pifandraisana, sns ... Ary jereo ity fahaizan'ny ankizy vao 4 taona monja mikirakira finday sy lalao an-telefonina. Sady mampitolagaga, mahazendana, nefa koa mampahatahotra ny maro.

Matetika mihitsy aza no mifanontany isika hoe : hatraiza ny fetran'ity fandrosoana ity ? hatraiza ny tokony hampiaisantsika fiangonana ireny fitaovana entin'ny fandrosoana ?

1- Ny famoronana : Ilay Andriamanitra ny fifandraisana

Ny zavatra manaitra ahy indrindra ao amin'ny Baiboly dia ilay Andriamanitra miteny ! Raha ny heriny sy ny maha-Andriamanitra Azy dia heverintsika ve fa tsy afaka mamorona avy amin'ny fomba hafa ve izy ? saingy nifidy manokana ny TENY izy.

Ireo andriamanitra hafa eto amin'izao tontolo izao dia tsy manana izay fahafahana izay. « Manambava fa tsy miteny, mana-maso fa tsy mahita, manan-tsofina fa tsy mandre... » No fomba hilazan'ny Baiboly azy ao amin'ny Salamo 115 : 5, 6. Satria « Volafotsy sy volamena ny sampin'ireny, asan'ny tanan'ny olona. »

Fa ny Andriamanitsika kosa dia Andriamanitra MITENY. Andriamanitra ny FIFANDRAISANA !

Niteny Andriamanitra raha namorona ny mazava, sy ireo zavatra rehetra ilaintsika olombelona mba hahasambatra antsika. Niteny izy raha namorona ny tontolo TSARA INDRINDRA hivantanani Adama sy Eva.

Fa mbola niresaka ihany koa izy talohan'ny namoronany ny olombelona izay hahatonga lafatra ilay tontolo noforoniny. Eny, niresaka izy ary lazain'ny Soratra Masina hoe : « Ary andriamanitra nanao hoe : Andeha Isika hamorona olona tahaka ny endritsika... » (Gen. 1 : 26).

Raha niteny ny Baiboly hoe : « Dia hitan'Andriamanitra izay efa nataony » (Genesisy 1 : 31), IZAY EFA NATAONY, izay nolazainy fa **tsara indrindra** dia tsy ny zava-boahary sy ny olombelona, na ny lanitra sy ny tany fotsiny no nolazainy tamin'izany fa **izay rehetra nataony** : ao anatin'izany ny TENY sy ny RESAKA izay nataony teo am-pamoronana ! Tafiditra ao amin'ilay hoe « tsara indrindra » araka izany

ny : NY TENY, NY RESAKA ! ary azo heverina fa io TENY io no tena nahatsara indrindra ny famoronana, ilay ANDRIAMANITRA afaka nanome modely fa NIFAMPIRESAKA teo am-pamoronana.

Raha mijery ny Jaona 1 isika izay famintinana fohy ny Genesisy 1, dia asehon'i JAONA fa io TENY io no ivon'ny famoronana. Ary io TENY io ilay Tonga nofo ka nonina tamintsika. Amin'ny teny hafa dia hoe : « tonga mba hifanerasera amintsika », ary ity hevitra iray ity no dikan'ilay hoe : « IMANOELA » na « AMINTSIKA ANDRIAMANITRA ! »

2- Ny Fifandraisana tao Edena

Ny Genesisy toko voalohany sy ny toko faharoa, dia feno an'Andriamanitra miresaka sy mifanerasera amintsika. Tsy vitan'izany fa eo amin'ny toko faharoa izy dia manamafy mihitsy fa TSY TSARA RAHA IRERY ralehilahy. Fomba iray mbola hanehoan'Andriamanitra ny fironany manokana te hanome lanja ny fifandraisana izany. Tena zava-dehibe ny SERASERA sy ny FIFANDRAISANA !

Kanto loatra izany fahafahana nomen'Andriamanitra antsika izany. Saino amin'ny fomba tsotra anie izany hoe : « Andriamanitra midina avy any an-danitra mba hifampitafa sy hifampiresaka amin'ny olombelona izany e ! » Tena nampianatra antsika olombelona ny fomba fifandraisana Andriamanitra. Tena nitantana antsika hanana ny fomba fifandraisana tsara indrindra izy.

Tamin'ny zava-boahary rehetra, ny olombelona no nomen'Andriamanitra ny fahafahana mifandray amin'ny fomba tsy takatry ny saina. Afaka mifampiresaka amin'ny fomba tonga lafatra indrindra. Satria ao amin'izany dia afaka mampiasa ny zavatra rehetra izy hampitany izay tiany ho lazainy.

- Afaka mampiasa « teny » ny olombelona hifampiresahany, ao amin'izany dia manana rafi-teny tonga lafatra noho ny zava-boahary rehetra izy,
- Afaka mampiasa ilay antsoina hoe « serasera tsy mivolana » izy, serasera mifototra amin'ny fomba fihetsiky ny vatana : ny tanana, ny maso, ny fipetraka na fitsangana, ny endrika ivelany toy ny fitafy, sns ... fitaovana hampitany hafatra avokoa ireny ary misy heviny sy lanjany avokoa.
- Eny fa na hatramin'ny endriky ny trano fonenana sy rafitra izay atao aza dia hitan'ireo mpahay tantara fa mampita hafatra ary mampiasa ny faritra tsirairay ! farafahakeliny ireny rafi-trano sy fitaovana ampiasaina ireny dia hanehoan'ny olona ny maha izy azy, ny fianakaviany na ny faritra nipoirany.
- Fa ambonin'izany dia afaka mamorona fitaovana hafa hampitana hafatra ihany koa izy, ary izy ireny amin'ny zava-manan'aina no afaka mamorona fitaovana mba hampitana hafatra amin'ny fomba tonga lafatra ! ao anatin'izany ny sarisary, ny soratra, izay nivoatra haingana. Ny soratra notehirizina tamin'ny rindrina, natao tamin'ny hodi-kazo, ny sasany noraiketina tamin'ny tanimanga. Ny Egyptiana dia nandrakitra ny azy tamin'ny Papyrus. Ireny rehetra ireny dia voarakitra any amin'ny fitahirizana ny rakitry ny elan'ireo firenena samihafa. Taty aoriana dia nivadika ho an-taratasy ny fomba fifandraisan'ny olona ary ireny taratasy ifandefasana entin'ny mpitaingin-tsoavaly, na ny sambo ireny no fomba nahafahana nampita hafatra haingana !

3- Ny Famonjena sy ny serasera

Mahaliana ny mandinika na dia nokorontanin'i Satana aza io fifandraisana io ka tonga tafasaraka tamin'Andriamanitra isika, tonga lavitra an'Andriamanitra ny olombelona, dia mbola nitady ny fomba rehetra Andriamanitra hifandraisana amintsika. Rehefa nisy elanelana dia nampiasa ny fitaovana rehetra izay noforon'ny olombelona araka ny fahaizana nomeny Azy Andriamanitra hampitany hafatra.

Nampiasain'Andriamanitra hamonjena ny olombelona ny teny niampita, ny soratra tamin'ny hidikazo, ny soratra tamin'ny tanimanga, ny soratra voarakitra tamin'ny taratasy. Ary ankehitriny noho ny fandrosoana dia ireo soratra amin'ny alalan'ny solosaina sy ny finday, ny sms, ny e-mail, ireo karazana rohy sy tranon-kala amin'ny aterineto (internet), tambazotran-tserasera isan-karazany (facebook, twitter, sns, ...) dia efa nahavonjy fanahin'olona maro sy nitondra olona teo amin'i Jehovah.

Mazava ity faminiana ity : « [Teny farany] Ary ianao, ry Daniela, dia ahoroninao ny teny, ka asio toambo-kase ny taratasy mandra-pihavin'ny andro farany; maro no hazoto mandinika*, ka hitombo ny fahalalana.[Heb. hivoivoy]. (Daniela 12 : 4) Mariho ilay teny hoe : handinika na HIVOIVROY. Tena faminiana tsy azontsika ialana ny fifamoivoizana na amin'ny lafiny rehetra eny, hatramin'ny fifandraisan-davitra. Tsy azontsika sakanana ny fahalalana, ny fampiasan'ny olona ireny fahalalana sy fitaovam-pifamoivoizana ireny. (Atao ahoana tokoa moa ny hilaza fa satria Kristiana dia tsy tokony handeha fiaramanidina, na fiarakodia, na moto ?). Toy izany koa ny fitaovana eo amin'ny SERASERA sy ny fifandraisan-davitra.

Koa inona ary ny fitsipika tokana tokony hifehy antsika amin'izany ?

Hoy ny bokin'i Daniela : Ary izay hendry dia hamirapiratra toy ny famirapiratra ny lanitra; ary izay mamerina ny maro ho amin'ny fahamarinana dia ho tahaka ny kintana mandrakizay doria. (Daniela 12 : 3).

Tsy ny fivoaran'ny fahalalana sy ny teknolojia no tokony hampatahotra antsika. Ny mifanohitra amin'izany aza no isarihan'i Daniela antsika eto mba hanao tahaka izay nataon'i Jehovah nandritra ny taonjato nifandimby. Hampiasa azy ireny ho fitaovana « HEMERENANA NY OLONA EO AMIN'NY FAHAMARINANA ». dia « JEHOVAH FAHAMARINANTSIKA ! » (Jeremia 23 : 6, 33 : 16).

Anio, andeha isika hanapa-kevitra hampiasa ny fitaovan-tserasera rehetra misy, hananantsika sy izay azontsika hampiasaina mba hamerenana ny olona amin'i Jehovah, eny, hampiasa azy ireny ho amin'izay tanjona iray izay monja ! Miantso tanora aho ankehitriny hanao fihainana « HAMERINA NY MARO HO AMIN'NY FAHAMARINANA » dia « JEHOVAH FAHAMARINANTSIKA ! » mba ho tanora hamirapiratra sy ho kintana mandrakizay doria !

Anio, andao hanavao fanekena amin'i Jehovah isika mba ho mpamerina ny maro amin'ny fahamarinana amin'ny fomba rehetra. Aoka hisy fitsanganana hanehoana izany ary hivavaka ho amin'izany isika.

Pasitora RAKOTONANDRASANA Rado Andrianoro
Talen'ny Departemanta ny fifandraisana IOUC